**Sabata 04 Mai 2024**
**Departemantan'ny Fifandraisana**
(Toriteny iombonana manamafy ny Fitoriana amin'ny alalan'ny Tambazotram-pifandrasiana)

# **Lohateny:** Mba ho fahazavana

**Andininy fototra : Salamo 119 : 105** « Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao. »

**Eksodosy 10 : 22, 23**
Loza faha-9 mahakasika ny aizim-pito tao Egypte

**FAMPIDIRANA**

**Efa naka sary an-tsaina ve isika fa ilaina ny aizina?**

Mampiseho ny mazava, raha tsy misy maizina dia tsy hita ny fahazavana.
Ny fisian'ny haizana no hisehoan'ny hazavana be (oahtra ao an-trano rehefa maizina iny ka raha vao mampirehitra afokasoka ka iny izy vao mitselatra iny dia efa hita)
Ny loza faha-9 dia anehoana fa nisy haizim-pito tao Egypte.
Fa ny mahagaga, teo amin'ny fonenan'ny zanak'Israely nisy hazavana, (hazavana manokana izay naharitra nandritra ny 3 andro)
**Inona no antony:** Miavaka ny vahoakan'Andriamanitra, miavaka ny manompo Azy.
**Inona ny tontolon-kevitra:** ny loza faha-9 dia ilay loza mialoha ny farany.
Ry havana, isika izao koa dia miaina amin'ny vanim-potoana ny fahamaizinana izao.
Ary amin'izao fotoana izao no hanavahan'Andriamanitra ny azy, ka ny hanavahany Azy dia ny fahazavana.
**Andeha anie ho vakiantsika ny Salamo 109 : 105**
Nandray hazavana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra, satria ao no misy fahamarinana fototra
Ny Testamenta Vaovao dia manamafy an'izay ao amin'ny **Matio 5: 14** "hianareo no fahazavan'izao tontolo izao…"
Fotoana izao hiverenantsika amin'izany fandraisana ny fahazavana izany sao isika indray no maizina. Aza adino fa isika no tokony ho hita ho mazava mandrakariva.

**FAMELABELARANA**

1- **Inona ny Tombontsoa azo rehefa manana ny fahazavana?**
- **Eksodosy 10: 22,23** "Dia nahinjitr'i Mosesy nanandrify ny lanitra ny tànany; dia nisy aizim-pito eran'ny tany Egypta rehetra hateloana, koa tsy **mba nifankahita ny olona**, na niala tamin'izay nitoerany, hateloana; fa ny Zanak'Isiraely rehetra kosa nisy mazava teo amin'ny fonenany. »

Tsy nifankahita ny olona noho ny haizin-kitroka.
Ilay manana hazavana dia, ny zanak'Israely, kosa nifankahita satria samy manana ny fahazavana.
Nahafantatra ny zavatra rehetra isika satria mahita ny miseho rehetra. izao tontolo izao dia jambena na tsy mahita ny zava-misy noho ny haizina.
- Ny vahoaka Israely afaka nihetsika sy nanao ny raharaha andavanandro rehetra, etsy ankilany kosa ny egyptiana tsy afaka nanao na inona na inona noho ny haizina.
- Ary izay no mahatonga antsika hiteny hoe "HANDEHA AHO" (manana programa mazava isika)

**Tena manana ny fahazavana ve ianao androany? Ary mahatsapa ho manana izany ve ianao?**

2- **Ahoana ny hitehirizana antsika ao anaty fahazavana?**

- **Matio 5: 15** "Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka **mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana**, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava **amin'izay rehetra ao an-trano izany**. »

Aza saromana na takomana ny hazavantsika.

**Vata famarana amin'ny teny grika "modios"** Fitaovana (instrument) ampiasaina amin'ny resaka varotra.

Aza saromana amin'ny asa fivelomana ny hazavantsika, aza atao ho zava-dehibe izany fa lasa manakona ny hazavantsika.

- **Lioka 8: 16**: "Tsy misy olona mampirehitra jiro ka manarona azy, na **nametraka azy ao ambanin'ny farafara**; fa ataony eo amin'ny fanaovan-jiro izy, **mba ho hitan'izay miditra ny mazava.**

Farafara dia azo lazaina ho toerana fakana aina, fialan-tsasatra nefa ihany koa dia toeran'ny hakamoana….

Takona ny fahazavana rehefa kamo isika (Kamo mamaky Baiboly, kamo ny mivavaka….)

Ry Havana, Ialao ny hakamoana….

3- **Inona ny vokany rehefa mazava isika?**

1- **Matio 5: 15**: "…mazava izay rehetra ao an-trano" (mety mbola misy tsy mambra ao….)

Tao Gosena, nisy olona hafa koa tao fa lasa nazava koa ireo, nifindra ny hazavana

2- **Lioka 8: 16** "… mba ho hitan'izay miditra ny mazava" (hitan'izay miditra: any ivelany, ny manodidina rehetra namana mpiara-miasa…)

Sady manazava ny ao anatiny sy any ivelany

Noho izany, amin'izao Sabata natokana ho fanamafisana ny Fitoriana amin'ny alalan'ny Tambazotram-pifandrasiana izao, rehefa ananantsika ilay hazavana, eny rehefa isika mihitsy no mazava dia atao zaraina izany na amin'ny ao anatiny na ny any ivelany izany amin'ny alalan'ireo fitaovam-pifandraisana rehetra ananantsika (Sms, Antso an-tariby, Facebook, Whatsapp, You Tube…..). Miaina ao anaty haizina izao tontolo izao ankehitriny (tsy fisiana, rarin-tsaina, tebiteny, ireo olana isan-karazany…), aza tehirizina ho antsika irery izany fa mila izany koa ireo havantsika, namantsika, mpiara-mianatra, mpiara-miasa, mpiara-monina….

**ANTSO**

Iza re no hiteny amin'ity Sabata ity manao hoe: ANDEHA AHO hizara hazavana, ny TENIN'ANDRIAMANITRA, amin'ny alalan'ireo Tambazotram-pifandraisana izay ampiasaiko. Faranana amin'ny Vavaka manokana.

Pasitora RAKOTONANDRASANA Rado
Talen'ny Departemantan'ny Fifandrasiana - IOUC